


**Tsimiondra Tomasy sy ny havany hafa tao aminy *"La Rotonde"* Besarety**

Tamin'iny volana marsa 2016 lasa iny dia nivoaka an-gazety ny havan'i Mandignisoa, ilay tsy hita maty, tsy hita velona, nilaza fa *"tomponandraikitra izay minia mbola miresaka io raharahan'i TOMPOKOLAHY Mandignisoa io"* , ary ho voasazy izay mbola miresaka momba iny raharaha mahavoarohirohy an'i Matthieu zanaky ny Filoha Hary Rajaonarimampianina sy Claudia vadiny talohan'i Voahangy. Ka asa izay hanjo an'i Tsimiondra Tomasy izay tsy iza fa dadatoan'ilay tovolahy tsy fantatra ny niafarany. Ary ireo fanambarana ireo dia tsy iza fa i Jean Yrmand, izay hita ny anarany etsy ambany. Fa nisy inona ry itony a!? Mazava fa nisy resaka volabe tao avy any amin'ny fitondrana, mba tsy ho lazaina hoe tany amin'ny filoha mihitsy fa aza ny vahoaka no hivarotana saka beloha isaky ny mipoitra ny masoandro.



Ka asa na nisy *"zara-vilana"* na nisy fahatsapana tao fa sady tsy ampy no tsy mety mihitsy izany eo anatrehan'ny razana fa dia nanao valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety, ny 05 Avrily 2016, tao aminy *« La Rotonde »* etsy Besarety mantsy i Tsimiondra Tomasy. Tsy ho asiako resaka fa indro ireo taratasy mirakitra ny famelabelarany sy nozaraina an'ny mpanao gazety rehetra nanatrika. N'inona n'inona izano tenenina dia mbola tsy vita mihitsy akory ity, indrindra fa tsy afaka nilaza hoe taiza marina ny zanany tamin'io fotoana io, ny filoha Rajaonarimampianina fa ain'olona no nanjavona ka tsy vitan'ny hoe *« tsy mpanao magie izy ka tsy afaka sady eto no ary »*. Ka taiza marina ilay ETO?



Politika — Alarobia 6 avrily 2016 — Inona no Vaovao

Tsimihondra Thomas

**Mbola mandrirotra ny raharaha Anjozorobe**

Nampiaka - peo mikasika ny fanambarana nataon' ny rain' i Mandimbisoa sy ny fianakaviany mialoha ny fetin' ny Paska i Tsimihondra Thomas, omaly, nandritra ny valandresaka nifanaovany tamin' ny mpanao gazety teny Besarety. « *Tsy azo ekena, hoy izy, ny filazana fa tsy azo resahina intsony ity resaka vono olona mahakasika ny zanaky ny Filohampirenena ity satria nandritra ny fotoana tsy naha teto an - dRenivohitra azy no nampitenenana ireo niharam - boina, ka novidiana vola izy ireo ary tsy sanatria zaza any amin' ny garabola ka hampanginina fotsiny izao sy hanaovana ramatahora* ». Misy resa - bola goavana hampanginana ny olona sasany, ka raha ho azy manokana dia efa betsaka ny fanambazana vola natao taminy teto amin' ny Firenena saingy tsy nisy nety satria vola maloto sy feno ra. Efa maro rahateo hoy izy ny Miaramila sy Zandary voaporofo fa namono olona kanefa dia mbola miriaria hatramin' izao. Misy kolikoly avo lenta ataon' ny mpitondra hoy izy ka mbola tokony hanaiky izany foana ve ny vahoaka malagasy ? Ireo rehetra milaza fa zanak' Androy misehoseho amin' izao fotoana dia nambarany fa lamokany avokoa matoa tsy sahy mijoro amin' ny marina.

Nisy valin - kafatra

Namaly bontana avy hatrany ity resaka nataon' i Tsimihondra Thomas ity ny rain' i Mandimbisoa, Irmah, fa « *efa nahavita fomban - drazana izy ireo mikasika ny nahafaty an' i Mandimbisoa. Efa nisy ny fifanarahana teo amin' ny fianakaviana sy ny Fitondrana ka tsy tokony hampiadiana ny samy Antandroy noho izany ity raharaha ity. Nilaza koa ity raim- pianakaviana ity fa efa mikarakara ny fitadiavana ny razana izy ireo ankehitriny* ». Nilaza hivory anio ny fianakavian' ny maty ka hanao fanambarana amin' ny tsy tokony hamohazana sy hivoizana ity raharaha ity intsony. Nilaza kosa anefa i Tsihondra Thomas tetsy andaniny fa tsy milamina izany ny raharaha Anjozorobe sy Tsiroanomandidy na nisy aza ny fanambazana volabe fa nanaovana ramatahora fotsiny ny fianakavian' ny maty.


Iandriandriana J.

Ny marina amin'ireto taratasy manaraka ireto dia toa ho tohizin'ny fianakaviana ny fitoriana izay nataony fa naato no ilay resaka *"fampiantonana"* ny raharaha... Ka asa aloha fa eto moa matetika miova loko daholo izay jerena, nanomboka tamin'ity fitondrana Hvm/Rajaonarimampianina ity izay hahenoina fizarana vola (*"mallettes"*) matetika loatra ihany koa...

**Jeannot Ramambazafy – 06 Avrily 2016**

**********************




— 3 MARS 2016

Andriamatoa JEAN YRMAND
MONINA AO AMIN'NY LOGEMENT
540 AO 67 HA ATSIMO

HO

AN-dRamatoa TONIA MPAMPANOA LALANA ETO AMIN'NY
FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY ETO ANTANANARIVO


Antony Fitoriana an'i RANDRIANARIMIADANA Alphonse. FELIX,ny vadiitany RANDRIANASOLO Rodolphe. ary MATHIEU SY IREO MIARAMILA NAMPIASAINY

Voninahitra ho ahy voalaza anarana etsy ambony izay manana mpiasa sy mpiaramiasa mpitrandraka vato ao ANKAROAKA MAROTSIPOY VAKIM-PILEOVANA ANJOZOROBE no azahoko manoratra mitaraina sy mitory ireo olona voalazako eo ambony ireo noho izao antony manaraka izao

Efa mandeha eto amin'ny fitsarana ny adinay sy RANDRIANARIMIDANA Alphonse sy Felix io, ary efa nahazo daty izahay fa ny 9 mars 2016 izao no handeha eo anatrehan'ny Filoha voalohany eto amin'ny Fitsana ambony ny raharahanay noho ny fampakarana miaro fanakanana izay nataonay

Tonga teto amin'ny kariera iasanay nefa tamin'ny 21 fevrier 2016 ny vadintrany RANDRIANASOLO RODOLPHE izay manana fiasana etsy Sabotsy - Namehana niaraka amin'ny Emmoreg milaza hanatanteraka didim-pitsarana laharana 1372 izay nivoaka ny 19 Februoary 2016.Nambaranay azy fa didy tsy natrehanay izany ka heverinay fa mbola manana zo izahay hanao fanakanana sady izahay rahateo efa nanao appel avec defense izay handeha amin'ny 9 mars 2016 izao ka mangataka izahay mba hajao ny lalàna



Nifampiziriziry efa teo izahay ka nilaza izy nampitaholtra anay fa ... MATHIEU zanaky ny filoha RAJAONARIMAMPIANINA hanatanteraka io didy io. Nov... ny fa tsy misy idiran'izany. MATHIEU izany eto ary izy aza tsy ao anatin'ny olona miady aminay ao amin'ny Fitsarana akory fa ny ALPHONSE sy Felix no mifanolana aminay. Ka izahay aza ampitahorinao amin'izany fa ... NY FILOHA RAJAONARIAMAMPIANINA entinao hampitahorana anay io amin'ny Malagasy rehetra fa tsy an'ny zanany irery na an'olombitsy

Omeko fem-potoana 15 mn ianareo hoy izy hanangonanareo ny entanareo fa raha dila izay dia ho avy izahay amin'ny angady sy harona. Tsy nanaiky lembenana moa izahay ka farany dia niala izy ireo sy ireo zandary nentiny, satria ireo zandary dia tsy nanaiky ny hanaovana amboletra ny fanalana anay rehefa naheno ny fanazavanay


Tampotampoka teo dia tonga teo tokoa io MATHIEU io izay niafina tany ambadika tany ary niteny an'ireo zandary hoe rehefa tsy hanao ianareo aleo hanaovanay azy ka nomeny baiko ireo miaramila nentiny ary tonga dia nanao tifitra variraraka ireo mpiasa treo amin'ny kariera izay misy roanjato raha miaraka amin'ny zaza amam-behi vavy.Noho ny hery tsy mitovy dia samy niezaka nitsoaka nanavotr'aina daholo ny rehetra nefa dia mbola nenjehin'izy ireo ka nisy ny naratra ary nisy ny maty .Tsy vitan'izany fa nodoran'izy ireo daholo ny tranonay ary noraofin'izy ireo daholo ny entanay . ny vatonay ny volanay sy varinay fa izay tsy nalainy dia nodorany.

Heverinay tompoko fa heloka bevava tsy roa amantany izao nataon'izy ireo izao satria tsy dahalo na malaso izahay, tsy mpandroba toa azy ireo izahay eo fa tena nisy fifanarahana mazava tamin'I o ALPHONSE io Vilanay antsakany sy andavany hatrany ny adidy nifanarahanay taminy fa saingy heverinay fa nahita ity MATHIEU ity izay mety sahy manome azy bebe kokoa dia io nivadihany io izahay ka nahatonga ny ady eny amin'ny fitsarana

AMBARA ombieny ombieny FA TANY TANDALANA Madagasikara , ary ny Filoham-pirenena indrindra no mpikabary izany ka heverinay fa na iza na iza, na dia io zanany io aza , dia tsy ambonin'ny lalàna ramatoa Tonia, ka izay indrindra no mahatonga ahy mitaraina sy mitory aty aminao ka mino aho fa tsy hatao masomena ianao ka handray ny andraikitrrao izay napetraka aminao, izay sokajiako toy izao:

Mitory an'I RANDRIANARIMIADANA Alphonse sy Felix aho izay misolotena ireo mpiasa ao amin'ny kariera noho izy voalohany nivadika amin'ny fitokisana satria nivadihany ny fifanarahana nifanaovanay sy ireo volanay maro efa lasany, faharoa toriko ihany izy ireo fa tsy tongatonga hoa zy teo io MATHIEU io nentiny nanao asan-jiolahy teo aminay io fa izy no namporisika an'io satria heveriny fa ambony

www.madagate.org



noho ny lalana io zaza sy io fahatelo toriko izy ireo fa hitanay fa isan'ireo nanao FANDROBANA ny volanay, vatona cristal tilane nilanja 400ky sy ny fananana sarobidy rehetra ary [illegible] MATHIEU sy ny tanny nandorong tranonay

Mitory an'io vadintany io koa aho fa mijiray petsapetsa amin'i Mathieu izy satria fantany tsara fa tsy olona ao anatin'ny ady io [illegible] SY IREO MIARAMILA ireo nefa nekeny nia[illegible]ka taminy ary izy indrindra aza no nilaza fa iraky MATHIEU nefa ny dossier nentinhy tsy misy anaran'io MATRHIEU io akory.Ka tompon'antoka tanteraka amin'ny zavatra nataon'I MATHIEU sy ny !miaramilany izy

Ary indrindra mitory hatramin'ny farany ity MATHIEU ity sy ireo miaramila nampiasainy izahay satria tena nanao asan'ny mpampihorohoro izy ireo teto ka tsy vita ny namono vahoaka tsy manantsiny ka nahafaty ny longoko Mandignisoa, izay tsy omen'izy ireo ny fatiny hatramin'izao, noho ny tsy fanajana ny zon'olombelona nandratra mpiasa tsy manantsigny ihany koa, nandoro ny tranonay ,sy ny entanay izay tsy zakany ary nandroba ny vato efa azonay, ny volanay, sy zavatray isantokony izay sarobidy aminay satria nisasaranay

Na dia tsy isan'ny nanao ireo fihetsika voalaza ireo aza ireo EMMOREG nentin'ny vadintany dia toriko ihany koa satria nijery fotsiny ireo habibiana ireo tsy nandray andraikitra mihitsy fa nijery anay fotsiny anay robaina, arao vono moka satria heveriko fa misy lalàna manafay izany

Manalabaraka tena tompoko ireo milaza fa intox sy zavatra tsy nisy io satria voarakitra ao anaty horonantsary io ary efa miparitaka na amin'ny fasiboky na amin'ny mpanao gazety na amin'ireo longonay manerana ny nosy ka tsy ho voafafa moramora eo amin'ny tantara io zava-doza natraony io

Hangataka onitra izahay fa mbola hitampidinika amin'ireo namanay rehetra izay mbola misy tsy hita sy handajalanja ireo fahavoazanay ka amin'ny fotoana manaraka vao ambaranay

**Farany** : mampandre sy mampahafantatra anareo trompon'andraikitrra isantsokajiny eto amin'ny tany sy fanjakana aho dia : ianareo ato amin'ny FITSARANA,NY FILOHAM-PIRENENA ,nyZANDARIMARIA-MPIRENENA POLISY MIARAMILA NY LEHIBEN'NY GOVERNEMENTA, SOLOMBAVAM-BAHOAKA,SENATERA fa misy ny resaka mandeha fa fa izaho tsy azony tampenam-bava sy sahy mijoro indray hono no tadiavina ho samborina ary misy aza mitady hifofohatramin'ny ny aiko mihitsy

www.madagate.org